

TORITENY famangiana pastoraly SIRAMA

ny Alahady faha 10 Aprily 2016

Vakiteny I : Asa 5, 27b-32. 40b-41

Salamo : Sal. 29

Vakiteny II : Apôk. 5, 11-14

Evanjely : Jo. 21, 1-19

Io ny tenin'Andriamanitra ho sakafo mamelona ny finoantsika fa indrindra isika eto amin'ny Eglizy iraka Mb Terezy amin'izao androm-pahasoavana ho antsika izao, ho pantekôty vaovao ho antsika tokoa izao fankalazana hiarahantsika manao izao.

Matetika dia varimbariana isika ary heverintsika fa lavitra ny fiainana ny finoana ary misy fotoana aza kivy isika, misy fotoana mahalasa fisainana antsika karaha nanjo an'i Piera tamin'ny Evanjely henontsika teo. I Piera sy Toma fantantsika tsara vao tamin'ny Alahady lasa isika no naheno ny tantarany, niaraka tamin'i Maria Madelena tamin'ny andron'ny Paka. Nahita an'i Jesoa i Toma ka nilaza hoe "Tompoko sy Andriamanitra". Toy izay koa ianareo izay handray ny Sakramentan'ny konfirmasio, mirehidrehitra ny fonareo satria handray an'izay fahasoavana manokana izay. Mitovy amin'i Piera sy Toma kanjo karaha lavitra i Jesoa izay nilaza tamin'i Maria Madelena ny maniraka azy ireo ho an'i Galile fa ho avy any izy. Lavitra nefa ny fahitan'i Piera an'izany toerana izany ka hoy izy handeha hanarato aho hiverina amin'ny fiainana taloha. Ary io ny fakam-panahy mahazo antsika olombelona, hoatry ny lavitra Zagnahary ka lasa mamonjy na ny sekta, na ny tromba na zavatra hafa....io no ambaran'ny Evanjely (Jo. 21, 1-19) niasa nandritra ny alina izy ireo, ny alina izay midika fa herin'ny maizina, ny fakam-panahy rehetra ka tandremo razandry isany, tsy hoe fa vita raha jiaby, batemy, kominio voalohany sy ny sisa ka mivary lavo amin'ny toaka, rongony na ny katy. Izany no dikan'io alina ny andro io ka ny maizina no mandresy. Ny maraina vao miposaka ny masoandro, i Jesoa tsy lavitra fa eo ihany, miaraka amintsika iJesoa fa ny masontsika no rakotra, ny fontsika no mihidy, ny vavantsika no tsy mahay mivolagna tahaka ny fivolagnan-Jagnahary, ny sofintsika tsy maheno antson-Jagnahary, tsy maheno lakolosy koa satria efa nivadika tamin'ny fiainana taloha na eo i Jesoa.

Izao famangiana pastoraly izao, i Jesoa no mamangy antsika, izy no ilay mpiandry ondry tsara izay mivolagna amintsika.

Ny tena mahavariana izy Tompo mahafantatra ny zava-drehetra no miteny amintsika ; **"manan-kanina ve ianareo ?"** izy koa no mangataka. Izany no Andriamanintsika ry Kristianina havana, izy no mahefa ny zava-drehetra, mangetaheta antsika Andriamanitra fa antsika no tsy mahatsapa an'izay, ary rehefa mamaly isika dia noho ny fitiavan-tena milaza tsy manana izahay.

Alatsaho ny harato hoy izy Jesoa, izy tsy mila sakafo fa ho antsika, maniraka antsika izy hoe "mandrosoa".

Araka ny voalazako taminareo tamin'ny voalohany teo mandrosoa ianareo Eglizy iraka Mb Terezy ho Eglizy "pilote" alatsaho ny harato. Raha nandatsaka ny harato ny Apostoly dia namokatra. Ry zandry malala raha alatsakareo amin'ny katy na rongony ny haratonareo, aza manantena ny hamokatra fa raha alatsakareo araka ny sitrak'Andriamanitra dia hahazo mihoatra ny eritreretina ianareo. Raha alatsakareo amin'ny risoriso, ny "corruption" mety hahazo volamena ianareo fa very fanahy e!

Inona ny zava-dehibe ataontsika ?

Alatsaho ny haratonareo hoy i Jesoa dia namokatra, ary tena mahavariana fa samy nahita ireo mpianatra ireo fa i Jesoa io fa tsy nahasahy niteny izy ireo fa ny Tompo io. Tsy ny fitafatafana eran'ny tsena ny zava-dehibe fa isika miasa ho an'ny Tompo ary mamokatra ho an'ny Tompo ary izay no maha Eglizy "pilote" anareo. Mbola nanatona koa i Jesoa nangataka hoe ; **"omeo sakafo aho"** nefa izy no nampamokatra. Izay i Jesoa Eokaristia ho antsika, izay no Andriamanintsika. Nefa izy no tompon'ny zava-drehetra fa ny tadiaviny dia isika ho sambatra ao aminy ary hampamokatra ny fiainantsika. Raha mamokatra ny fiainantsika, raha Eglizy "pilote" ianareo dia fantaro ary fa tahaka ny nataony tamin'i Piera no ataony aminareo tsirairay, ataony amintsika tsirairay **"moa ve tia ahy ianao ?"**

Mametraka fanontaniana ho atsika koa Andriamanitra

Andro pantekôty, androm-pahasoavana ho antsika eto androany, manontany atsika tsirairay manomboka amin'ny tenako ka hatramin'ny ankizy madinika jiaby manontany Andriamanitra hoe moa ve tia ahy ianao ? izay ny dikan'ny fiekem-pinoana hiarahantsika manao rehefa avy eo, manavao an'izany atsika tahaka an'i Piera. Mamaly ary isika fa tiako ianao.

Fantaro ary ry Kristianina havana fa tsy "je t'aime, tiatiako anao" io. **Tsy fitiavana mikombona fa tahaka ny nitiavan'ny Ray ahy, jereo ny hazo fijaliana, fahano ny zanakondriko fahano ny reniondriko.**

Iza ary ireo ondry ?

Tsy iza fa ireo akaikinao indrindra, ireo miaraka aminao andavanandro, io no tsy maintsy fahanana dia fahanana an'i Jesoa. Io no valin'ny fanontaniana areo tamiko omaly hoe; "Ahoana ny atao an'ireo manohitra ny fivavahana, ny mbola tsy mino, ny mbola tsy mivavaka?" Fahano an'i Jesoa izy ireo. Tsy maintsy misy "valeur" kokoa ny zavatra omentsika an'ireo manodidina atsika, raha tsy misy "valeur" dia fantaro fa tsy hanaitra an'izy ireo. Izay ny mahatonga atsika naka ohatra hoe haintsika tsara ny manavaka ny "or de France" sy ny "or de Madagascar" samy volamena kanefa ny "or de Madagascar" no manana "valeur" kokoa.

Izay ary ry Kristianina havana, aoka hanana “valeur”, manomeza “valeur” tsaratsara kokoa amin’ireo manodidina atsika isika ary izay no nataon’i Piera “tsy hanaiky olombelona izahay hoy izy fa Andriamanitra no ekenay” araka ny hitantsika ao amin’ny vakiteny voalohany (*Asa 5, 27b-32. 40b-41*). Midika izay fa misy “valeur” n’Andriamanitra ny “valeur” ntsika ka aseho amin’ny fiainantsika. Io no andrànana amin’ny Eglizy “pilote” no sady andrànana aminareo atao konfirmasio ho tahaka an’i Piera isika tsirairay avy amin’izao pantekôty (famangiana pastoral) izao, ary izay koa ny dikan’ny fanavaozana ny toky tamin’ny batemy hiarahantsika manao. Omeo “valeur” ny maha katolika atsika raha tsy izay tsy fanasina isika, tsy manome sakafo isika raha miondrinkondrika amin’ny manodidina atsika. **Fahano** izany hoe **aoka homentsika an’i Jesoa** ary iza io Jesoa io ? izay lazain’i Md Joany ao amin’ny vakiteny faharoa (*Apôk. 5, 11-14*), “Izy no zanakondry manavao an’izao rehetra izao”.

I Piera voany fakam-panahy ka niverina tamin’ny fiainany taloha, tandremo ary isika tsy hiverina amin’ny fiainana taloha satria efa manana “valeur”, atao konfirmasio ianareo izany hoe “confirmés” hamafisin’Andriamanitra ny maha zanany anareo ary mankahery anareo izy mba ho “valeur” n’ireo manodidina atsika koa.

Ry Kristianina havana amin’izao Alahady fahatelo mbola anatin’ny paka isika ary pantekôty ho antsika izao famangiana pastoral izao ka aoka ary tsy hikombona isika fa hitondra tahaka an’i Piera, fahano ny zanakondriko fahano ny reniondriko. Atsika izao no hahamamy ny fianakaviana misy atsika tsirairay avy Eglizy kely, isika izao no hamelona ny Eglizy fiombonana, ny Eglizy fototra. Araka ny voalazako teo mba ho Eglizy “pilote” ato amin’ny diosezy ianareo”. Tsy mandao atsika Andriamanitra fa isika no mitady handao azy tahaka ny nataon’i Piera ary raha tsy mandao atsika Andriamanitra dia mikarakara atsika izy ka ataony mamokatra ny fiainantsika. Mazava izany ankehitriny fa ao amin’i Jesoa irery ihany no tena hamokatra ny fiainantsika. Mihoatra noho ny eritreretintsika ny laoka azo nefa tsy rovitra ny harato. Iza koa ny zavatra anankiray, tsy tahaka ny vola azo amin’ny risoriso ny vokatra azontsika fa vokatra maharitra ary natao ho an’ny be sy ny maro. Entanim-pahasoavana isika amin’izao Alahady fahatelo izao herezin’izany tenin’Andriamanitra izany fa indrindra amin’izao ankalazantsika ny konfirmasio fankaherezana ka hitondra aim-baovao ary ezaka vaovao ho atsika anie izao famangiana pastoral eto Sirama izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson